

Fambolena Haricot vert

Andrana momba ny fahasamihafan'ny fivoaran'ny voly sy ny vokatry eo amin'ny fomba fanondraka mahazatra sy ny fanondrahana maroloharano (irrigation par goutte à goutte vs arrosage manuelle)



Inona no tsara indrindra amin'ny fanondrahana?



Inona no vokatry azo tamin'ny fikarohana?

Ho an'ny voly notondrahana tamin'ny alalàn'ny fanondrahana maroloharano:

Ambony kokoa ny taha-piforonan'ny voa

Misy ravina betsaka sy avo kokoa ny fototra haricot vert

Mampitombo ny vokatry

(13,75 t/ha raha goutte à goutte, 4,58 t/ha raha tondraka tana).



Tanjona

- ✓ Fanatsarana ny fomba famokarana haricot vert
- ✓ Fanehoana ny hasarabidin'ny rano sy ny fomba fitantanana azy
- ✓ Fialana amin'ny fahadisoana hoe izay andaniana be ihany no mamokatra be: fitantanana mahomby ny rano sy fiarovana ny loharanon-drano



Dingana amin'ny fomba fambolena

1

Fanomanana ny tany



Fiasana ny tany, fanehoana ireo vato sy fakan-java-maniry teo aloha
Fitondrana ny zezika organika (10-15T/ha)
Fandaminana ny tany mba ho marina tsara

2

Fametrana ny fantsona goutte à goutte



Fametrana ny tuyaux sy ny gouteurs
Fanitsiana ny hafainganana'ny fitsaitaika'ny rano ho 2-4L isan'ora

3

Famafazana



Famafazana ny voa: atao mifanaraka tsara amin'ny elanelan'ny lavaka mamoaka rano tsirairay ny elanelan'ny voa
Isan'ny voa: 2-3 isan-davaka

4

Fanondrahana



Alefa tsy tapaka ny rano aorian'ny famafazana

5

Fanaraha-maso



Esory tsy tapaka ny ahi-dratsy mba tsy hifaninana amin'ny voly
Araho maso matetika ny tuyaux
Arovy mandrakariva amin'ny aretina sy ny bibikely ny voly

6

Fotoam-pamelanana sy fiforonan'ny voa



Fotoana mahasaro-pady indrindra ny tsy fahampian-drano

7


Fiotazana



Tsara kokoa raha otazana mbola tanora raha tsy hakana masomboly

8

Fanatsarana ny tany



Avereno ao anaty tany ny sisa tavela raha tsy ahitana aretina mba ho fanatsarana ny tany

9

Fitahirizana



Diovy ny gousses, Tehirizo amin'ny toerana madio sy maina

Ny fampiasana ny rafitra goutte à goutte dia fomba anakiray ihany koa hahazoana haricot vert betsaka amin'ny vanim-potoana maina

- ✓ Ampiasao ny zezika organika (compost)
- ✓ Aza mampiasa rano be loatra amin'ny fanondrahana
- ✓ Tandremo ny fiovaovan'ny toetr'tandro.

